



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

KOMINA ANTANANARIVO RENIVOHIRA

DELEGASIONA MANOKANA

N° KAR/DELM.2026

NY FILOHAN'NY DELEGASIONA MANOKANA

Ho an'ny
MAGAZAY DIMACO SA
Tsaralalana
- 101 ANTANANARIVO-

Antony: Fanomezan-dalana hiantsona hampidina sy hampiakatra entana.

Tsiahy: Taratasinao datin'ny 22/04/2026.

Tompoko,

Ho valin'ny taratasinao voatsiahy etsy ambony, dia voninahitra ho ahy ny milaza aminao fa omena alalana ny fiara vaventy IRAY milanja latsaky ny 16T (PTC) hiantsona hampidina sy hampiakatra entana.

Araka izany dia tsy maintsy arahana an-tsakany sy an-davany ny fepetra sy ny ora voalazan'ny Didim-pitondrana laharana faha 156CUA/DS/DAE/STU.02 tamin'ny 11 Oktobra 2002, mandamina ny fifamoivoizan'ny fiara vaventy milanja mihoatra ny 9 T (PTC) ary latsaky ny 16 T (PTC) eto amin'ny faritr'Antananarivo Renivohitra izay toy izao manaraka izao:

MARAINA: amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 11 ora

HARIVA: amin'ny 1 ora ka hatramin'ny 4 ora

FEPETRA TSY MAINTSY ARAHINA:

- Maka sisiny tsara mba tsy hanelingelina ny fifamoivoizana sy ny lalan'ny mpandeha an-tongotra mandritry ny fotoana hanaovana ny asa
- Manadio ny manodidina ny toerana avy niasana
- Tsy azo atao ny mijanona eny amoron-dàlana rehefa vita ny asa fa avy hatrany dia mivoaka ny faritry ny tanànan'Antananarivo Renivohitra
- Marihina koa fa ity fanomezan-dalana ity dia ahafahanao mampidina sy mampiakatra entana fotsiny eo amin'ny toerana voatondro eo ambony fa tsy ahafahana mivezivezy eny an-dàlana raha ivelan'ny ora voalaza etsy ambony.
- Ny tsy fanajana ireo ora sy fepetra voalaza etsy ambony ireo dia manafaoana avy hatrany ity fanomezan-dalana ity izay manan-kery hatramin'ny 31/12/2026 ary azo havaozina.

Raiso, tompoko ny haja atolotro anao.

Antananarivo, faha

Quit n°2585816A

DU 29/04/2026

600.000ar